# Allah ô, halaviro amin’ny fahotako aho tahaka ny nanalaviranao ny Atsinanana sy Andrefana

Tatitra azo avy tamin'i Abou Horaira (R.A) niteny izy : Rehefa nanao Takbir tamin'ny vavaka ny irak'Allah, dia nangina kely talohan'ny nitenenany, ka hoy aho : Ry irak'Allah ô, noho ny reniko sy ny raiko, inona no zavatra teneninao amin'ny fahanginana kely nataonao? Dia hoy izy namaly : “Miteny aho : Allah ô, halaviro amin’ny fahotako aho tahaka ny nanalaviranao ny Atsinanana sy Andrefana, Allah ô, diovy aho ho afaka amin’ny fahotako tahaka ny fanadiovana ny akanjo fotsy amin’ny loto“, Allah ô, sasao amin'ny fahotako aho amin’ny ranomandry sy ny rano ary ny havandra".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Rehefa niteny "Allaho Akbar" ny Mpaminany (S.A.W), dia nangina kely izy talohan'ny namakiany ny Sorat Al-Fatihah, ary nanombohany ny soalat nataony tamin'ny fitalahoana sasany, ireto isan'ny voatoniny tao : "Allah ô, diovy aho ho afaka amin’ny fahotako tahaka ny fanadiovana ny akanjo fotsy amin’ny loto“, Allah ô, sasao amin'ny fahotako aho amin’ny ny rano sy ny lanezy ary ny havandra". Mangataka amin’i Allah Tsitoha izy hanalavitra azy amin’ny fahotana mba tsy ho latsaka ao anatin’izany, ka tsy hisy mihitsy ny fihaonana aminy, toy ny tsy hisian’ny fihaonan’ny atsinanana sy ny andrefana ao Aminy, mba hanadiovana azy ho afaka amin’izany sy hanesorana azy toy ny fanesorana ny loto amin’ny lamba fotsy, ary hanasana azy amin’ny fahotany sy hampangatsiaka ny lelafo sy ny hafanana, amin'ny alàlan'ireo fanadiovana mangatsiaka ireo; Rano sy lanezy ary avandra.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee